GAZETY

TOHIRAVINA

TERAKA

N°02 -- JOLAY 2024

www.teraka.org - maimaimpoana, tsy azo amidy



Raiso ny angady sy ny harona!

Nahazo fankatoavana! Izay no vaovao lehiben'ny **3 aprily 2024.** Miara-dia amin-tsika ny Ministeran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana Iovain-jafy nohon'ny fanekeny amin'ny fomba ofisialy ny fanatanterahana ny fandaharan'asa TERAKA. Noho izany, ny volana Jolay sy Aogositra dia fotoana hanomanana anareo amin'ny andraikitra maha mpitarika sy mpitantana mavitrika anareo.

Hifanakalo hevitra mikasika ilay fifanarahana EMH, sy ny fanaovana sonia azy koa isika hametrahana amin'ny fomba ofisialy ny fiaraha-miasan-tsika.

Ao anaty fandaharan'asa :

- Firy ny hazo voavoly hatramin'izao ?
- Inona no ohatra azontsika alaina tahaka amin'ny fandaharan'asa TIST ?
- Ahoana no ahazontsika lasa modely amin'ny ala vadim-boly ?

Mitombo isa ireo mpikambana ato amintsika. Mankahery ny fandaharan'asa handroso hatrany izany. Ho an'ireo soa toavina sy ireo fahombiazan-tsika.

Ireo Soatoavina Fototra TERAKA:

1. Marina
2. Mahitsy
3. Mangarahara
4. Miasa an-tsitrapo
5. Miasa amin'ny fifanompoana
6. Miasa amin'ny teti-bola kely hahazoana vokatra lehibe
7. Samy tompon'andraikitra

Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin'ity Gazety ity

- Vaovao misongadina: nahazo ny fankatoavana amin'ny fomba ofisialy avy amin'ny Ministeran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana Iovain-jafy ny fandaharanasa TERAKA (p.2)
- TERAKA: ireo tombontsoa maro entiny ho fampivoarana ny tantsaha sy ny tontolo iainana (p.2)
- Ireo Mpitarika vovonam-bondrona na klastera sy ny anjara andraikiny (p.3)
- Ny ala Vadim-boly sy ny tombontsoa entiny (p.4)

1. Vaovao misongadina:

nahazo ny fankatoavana amin'ny fomba ofisialy avy amin’ny Ministeran’ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy ny fandaharanasa TERAKA.

Ministeran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy : « ny fandaharanasa TERAKA dia mikendry ny fambolen-kazo iarahana amin’ny tantsaha sy ny fanarenana ny tontolo iainana eto an-toerana izay mitondra tombontsoa maro toy ny fanatsarana ny vokatry ny fambolena sy ny fomba tsara hiatrehana ny fiovaovan’ny toetr’andro. Mifanaraka amin’ny laharam-pahamehana eto amin’ny firenena izany : mandray anjara amin’ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ekonomika, ary mifanaraka amin’ny tanjona mahakasika ny fiadiana amin’ny fikorontanan’ny toetr’andro eto Madagasikara ». Io no vontoatin-dahatsoratra mirakitra ny fankatoavana ho an'ny fandaharan’asa TERAKA izay nosoniavin-dRamatoa filoha nasionalin’ny rafitra voatondro ho amin’ny fampandrosoana madio (Autorité nationale désignée du mécanisme de développement propre). Tsy honohono na angano ny fandaharan’asa TERAKA fa tena misy tokoa ary efa mihatra eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Manamafy izany ny fahazoana ny fankatoavana teo anivon'ny Ministeran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy ny 3 Aprily 2024 lasa teo. Vaovao tsara ho an'ny fandaharan’asa izao fahazoana fankatoavana izao ary manamafy ny fahavononana ny mbola hanome sy hanatsara ary hanaparitahana ny fandaharan’asa any amin'ny Distrika hafa. Ny Distrikan'i Fandriana, Faritra Amoron'i Mania ary Distrikan’i Soavinandriana, Faritra Itasy moa izao no mbola nanombohana ity fandaharan’asa ity ary irariana ny hitàrany hatrany ho fanampiana ny tontolo ambanivohitra. Tena manokatra lalana ho an'ny fandaharan’asa izao fankatoavana azo izao ary mitondra tombon-tsoa maro amin'ny fitadiavana na fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara miombon’antoka na ny eto an-toerana na ny any ivelany.



SECRETARIAT GENERAL

BUREAU NATIONAL DES CHANGEMENTS CLIMATIQUES ET DE LA REDD+

AUTORITE NATIONALE DESIGNEE DU MECANISME DE DEVELOPPEMENT PROPRE

LE PRESIDENT DE L'AUTORITE NATIONALE DESIGNEE DU MECANISME DE DEVELOPPEMENT PROPRE

A

MONSIEUR CEDRIC DE FOUCAULT
ITERAKA MADAGASCAR
65 A TER Andranoro Antehimka Ambohidratrimo
Analamanga 105

N° 02/MEDD/SG/BNCCREDD+/ ANDMDP

Objet : Lettre de non objection

Monsieur,

Après l'évaluation de la Note d'identification du « **Projet TERAKA** », que vous nous avez soumise, nous notons que le projet proposé vise à effectuer des reboisements communautaires et des restaurations des ecosystèmes locaux avec des co- bénéfices tels que l' amélioration des rendements agricoles, meilleures résilences aux changements climatiques. Nous notons également que le projet rassemble des agriculteurs volontaires, et sera mise en oeuvre dans le district de Fandriana (Region Amoron'i Mania) et de Soavinandriana (Region Itasy) avec une possibilité d' extension de la zone d' intervention.

Le projet est ainsi conforme aux priorités nationales, contribue au développement socio-économique du pays et s'aligne avec les objectifs de lutte contre le changement climatique à Madagascar. A cet effet, nous n'avons pas d' objection quant à la réalisation de ce projet.

Il convient toutefois de noter que le projet doit se conformer à toutes les exigences nationales en matière de réglementation et/ou de planification et doit suivre les procédures en vigueur.

Veuillez agréer, Monsieur, l'expression de mes salutations distinguées.

Copie à
Madame le Coordonnateur du BNCC-REDD+

Pour information

2. TERAKA :

Ireo tombontsoa maro entiny ho fampivoarana ny Tantsaha sy ny tontolo iainana

Loharano nipoiran’ny TERAKA ny modely TIST izay nahomby nandritra ny 20 taona mahery tany Afrika Atsinanana sy Inde, ary mampivondrona tantsaha mihoatra ny 200 000 ankehitriny. Ny tetik’asa TIST dia nitondra vokatra tsara teo amin'ny Kaontinanta Afrikanina, nampiroborobo ny fampandrosoana eny ambanivohitra sy ny fiarovana ny tontolo iainana. Ny tanjona lehibe tamin’izany dia ny famoronana loharanom-bola vaovao ho an'ny mpamboly amin'ny alàlan'ny voka-tsoa maro entin’ny hazo toy ny "Tahiry Karbôna", sady manatsara ny fiarovana ny tontolo iainana sy mampitombo ny fahaiza-miatriky ny Tantsaha. Ny Tantsaha mandray anjara amin'ny tetik’asa dia manasongadina fa : "Rehefa mamboly hazo miaraka amin'ny fandaharan'asa TIST izahay, dia manatsara ihany koa ny tontolo iainana, amin'ny alalan'ny fahazoana tombon-tsoa maro toy ny voankazo, vola, ary fiofanana." Maharesy lahatra ny tantsaha maro tokoa ity fandaharan’asa ity noho izy lasa " Ahazoanay loharanom-bola ahafahana mameno ny filàna ao an-tokantrano sy Mampianatra ny Tantsaha hahaleo tena sy tsy hatahotra handray andraikitra ihany koa ny modely TERAKA sy TIST".

Isaky ny vondrona dia amporisihana ny Tantsaha hifampizara traikefa, hifanoro, hiasa an-tsitrapo ary ihany koa mba handray anjara amin’ny fitarihana. Anisan'ny soatoavin'ny modely TIST ny fijerena ny maha olona sy ny fanomezana vahana ny olon-drehetra, indrindra ny vehivavy, tsy misy fanavahana saranga.

Tany Ouganda fahiny ohatra dia tsy nanana fahafahana handray andraikitra ny vehivavy, ankehitriny kosa dia efa afaka mandray fitenenana amin’ny fivoriana sy afaka misehatra amin’ny fampandrosoana ifotony izy ireo. Tsy misy tokony hisalasalana araka izany voalaza izany fa manana ny hasiny sy ny foto-keviny manokana ny modely TIST, ary ohatra feno alain’ny fandaharan’asa TERAKA tahaka, ho amin'ny fampandrosoana sy fiarovana ny tontolo iainantsika izany.

3. Mpitarika vovonam-bondrona *(Cluster)*

sy ny anjara andraikiny

Araka ny efa nahafantarana azy, ny fandaharan'asa TERAKA dia mamolavola ny mpikambana ao aminy amin'ny fahaiza-mitarika. Omena sehatra ny talenta ananan'ny tsirairay amin'ny alalan'ny fampirisihana azy ireo handray andraikitra sy hanana fahasahiana hiteny. Sehatra tsara ampiharana izany ny fivorian'ny Vondrona Madinika rehetra (Vovonam-bondrona) izay ahitana Mpitarika miisa telo.

Iza avy moa izy ireo ary inona avy no andraikitra sahaniny?

Ny Mpitarika

Misahana andraikitra lehibe izy amin'ny maha mpandray anjara voalohany azy. Anisan'izany ny fanohanana ny Vondrona Madinika rehetra mba hiray fo sy saina hatrany. Manao ho vaindoan-draharaha ny famporisihana ny fampiharana ireo fomba fanao tsara toy ny ala vadim-boly sy ny voly rakotra.

Manampy amin'ny fandraisana sy ny fampidirana ireo olona hiditra ao amin'ny Vondrona Madinika izy, ary manampy azy ireo mba hahazo sy hanasonia ny fifanarahana momba ny Entona Mangeja Hafanana (EMH).Mandrindra ny fiofanana ho an'ny Vondrona Madinika ihany koa ny Mpitarika ny vovonam-bondrona. Anisan'ireo asany lehibe indrindra ny fandrindrana ny fanisana ny hazon'ireo Vondrona Madinika. Miara-miasa amin'ny Mpitarika Mpanampy sy ny Mpahay kaonty izy mba ho voarafitra ary tsy misy diso ny tatitra isam-bolan'ny vovonam-bondrona sy ny tatitry ny kaonty ary nalefa any amin'ny foibe nasionalin'ny TERAKA. Raha misy ny fanontaniana manitikitika na olana sedrain'ireo Mpitarika, dia tsy tokony hisalasala izy ireo hifandray amin'ny mpitarika sy ny mpandrindra ao amin'ny TERAKA.

Mpitarika mpanampy

Ny mpitarika mpanampy dia mandray an-tsoratra ary mirakitra ireo tatitra mandritry ny fivoriana.

Ankoatran'izay dia mitahiry ny fanoratana ao anaty boky firaketana izy ary mandefa ny tatitra isam-bolan'ny vovonam-bondrona any amin'ny tomponandraikitra TERAKA. Amin'ny fotoana ilàn'ny mpikambana sy ny mpitarika TERAKA azy dia mamela ny fisavana ny tahirim-pivoriana izy. Tsara marihina fa mandritra ny fandoavam-bola dia asa iandraiketan'ny mpitarika mpanampy ny fanomezana tapakila ho an'ny Vondrona Madinika;izay manana mpikambana roa manatrika; manamarina ny tapakila, mifandray amin'ny mpiandraikitra ny fandoavam-bola, ary manaraka ny fizotran'ny fandoavam-bola amin'ny fomba mazava, marina ary mahitsy.

Ny Mpahay kaonty na Mpitan-tsoratra


Ny mpahay kaonty dia manamarina fa feno ara-dalàna ny taratasy fanamarinam-pahatongavan'ny mpikambana amin'ny fivoriana. Amin'ny maha mpahay kaonty azy dia manara-maso ny isan'ireo hazo voavoly ihany koa izy. Tsara ny manamarika fa ny vovonam-bondrona dia mampihatra ny fifandimbiasam-pitarihana. Isaky ny efa-bolana dia misy fifidianana mpahay kaonty vaovao ka ny mpitarika dia soloin'ny mpitarika mpanampy ary ny mpahay kaonty dia lasa mpitarika mpanampy. Mahaliana tokoa ity fomba iray ity satria dia manome toerana sy fahafahana ny mpikambana mba ahafahany mampitombo, mampivelatra sy maneho ny fahaiza-manaony izany, ohatra tena azo alaina tahaka ny amin'ny sehatra rehetra.



4. Ala vadim-boly sy ny tombontsoa entiny

Ny fampivadiana ny fambolen-kazo amin'ny fambolena dia ani-san'ny fomba fanao tsara entin'ny fandaharan'asa TERAKA hanam-piana ny Tantsaha ary entina hiarovana ny tontolo iainana. Ny hazo arak'izany dia afaka volena eny amin'ny sisiny na eny afovoan'ny tanimboly. Ka ny hazo fihinam-boa na ireo hazo hafa izay tsy mamono ireo voly hafa no amporisihana azy ireo. Tombontsoa maro araka izany no entin'ny fampiharana io fomba fanao tsara io. Voalo-hany dia miantoka ny fiarovana ny tany tsy ho kaohan'ny riaka izy ary koa,miantoka ny fahaveloman'ny zava manan'aina any anaty tany izay mihazona ny nofon-tany sy manamasaka azy. Manaraka izany dia miaro ny fambolena amin'ny rivotra ny ala vadim-boly. Ny hazo dia afaka miteraka fidiram-bola fanampiny ihany koa satria azo amidy ireo vokatra aterany ka manatsara ny fanjarian-tsakafo sy fahasalamana izany.

Tombony hafa ihany koa ny fitro-han'ny hazo ny rivotra maloto. Izany dia manampy amin'ny fiatrehana ny fikorontanan'ny toetr'andro sy ny fanorenanatontolo iainana salama sy azo antoka. Raha fintinana dia mirakitra tombon-tsoa maro ny ala vadim-boly ka sehatra azo ivalam-parana tsara ho fanatsarana ny tontolo syny famokarana.



VONDRONA MADINIKA TERAKA:

-Fandriana: Vondrona Madinika miisa 80
-Soavinandriana: Vondrona Madinika miisa 22

AVOTRA: "Ho fiarovana ny tontolo iainana"
Distrikan'i Fandriana, Kaominina Mahazoarivo, Fokontany Andrenilaivelo
mpikambana miisa 10: 5lahy, 5 vavy
Daty niforonany: 24 Avril 2024



FANANTENANA: "Ho fanatsarana sy ho fanamaitsoana ny tontolo iainana ary ho fitsonjovana ny taranaka ao afara"
Distrika Soavinandriana, Kaominina Amparaky, Fokontany Amparaky
Mpikambana miisa 6: 5 lahy, 1 vavy
Daty niforonany: 26 Oktobra 2023



IREO ASA MIANDRY ANTSIKA HO AN'NY VOLANA JOLAY SY AOGOSITRA

Tanterina amintsika Vondrona Madinika TERAKA rehetra indray ary ireo asa miandry antsika mandritra ity volana Jolay sy ny volana Aogositra ho avy io.

Faritra iasana	Jolay	Aogositra
Fandriana	- Fampiofanana ireo Mpikambana rehetra izay mangetaheta ny ho Mpitarika - Fivoriana isam-bolan'ny Vondrona Madinika rehetra amin'ireo Kaominina iasana sy fanazavana ny fifanarahana EMH - Firosoana amin'ny fanamafisana ireo Vondrona Madinika rehetra - Fanangonana ireo isan'ny hazo voavoly sy velona isaky ny - Vondrona Madinika avy ary ireo karazana hazo be mpamboly indrindra	- Fanazavana amin'ireo Vondrona Madinika ny fifanara-hana EMH izay atao amin'ny orin'asa iTERAKA - Fivoriana isam-bolan'ny Vondrona Madinika rehetra sy fanatanterahana ireo fiofanana ilaina ho amin'ny fanomanana ny taom-pambolen-kazo ho avy - Fanomanana ny fanisana ireo hazon'ny Vondrona Madinika rehetra
Soavinandriana Itasy	- Fanangonana sy firaketana ireo lisitr'ireo Vondrona Madinika vaovao rehetra - Firosoana amin'ny fanamafisana ireo Vondrona Madinika efa tafajoro	- Fanazavana amin'ireo Vondrona Madinika ny fifanara-hana EMH izay atao amin'ny orin'asa iTERAKA - Fiomanana ho amin'ny fanisana ireo hazon'ny Vondrona Madini-ka izay tokony hanatanterahana izany

GAZETY
TOHIRAVINA

TERAKA
212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : ANDRIAMBOLATIANA Irina - RASOARIMALALA Fenosoa - RAKO-TONIAINA Nambinina - RALAINDIMBY Hanitriniala Minosoa
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : Trano Printy Loterana
TERAKA dia marika voaaro

www.teraka.org

Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :
034 88 142 36 / 032 03 945 00
Isaorana ny CEPF sy ny SAF/FJKM